

PERIKOPA ALAHADY 12 Mey 2024
(Péricope du Dimanche 12 Mai 2024)

Salamo / Psaume 104
Asan'ny Apostoly / Actes des Apôtres 1 : 15 - 26
I Jaona / I Jean 4 : 11 - 16
Jaona / Jean 17 : 11 – 19

**« Izaho tsy mangataka Aminao mba hampiala azy amin'izao tontolo izao
fa ny mba hiaro azy amin'ilay ratsy.
Tsy avy amin'izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy avy amin'izao tontolo izao.
Manamasina azy amin'ny fahamarinana, ny teninao no fahamarinana.»**
(Jaona 17.15-17)

**« Je ne te demande pas de les retirer du monde,
mais de les préserver du mal.
Ils ne sont pas du monde, tout comme moi, je ne suis pas du monde.
Consacre-les par ta vérité! Ta parole est la vérité. »**
(Jean 17.15-17)

SALAMO 104 (MRV)

Misaora ny Mpamorona

- 1 Misaora NY TOMPO, ry fanahiko. RY TOMPO Andriamanitra ô, lehibe indrindra lanao; famirapiratana sy voninahitra no itafianao.
- 2 Mitafy ny mazava tahaka ny mitafy lamba Izy ary mamelatra ny lanitra tahaka ny famelatra tranolay.
- 3 Mametraka ny rairain-drihan'ny tranony amin'ny rano Izy sady manao ny rahona matevina ho kalesiny ka mandeha amin'ny elatry ny rivotra.
- 4 Manao ny rivotra ho irany Izy ary ny lelafo ho mpanompony.
- 5 Nanorina ny tany teo ambonin'ny fanorenany Izy mba tsy hihetsehany mandrakizay doria.
- 6 Ny rano lalina no nasaronao azy tahaka ny lamba; nandifotra ny tendrombohitra ny rano.
- 7 Noho ny teny mafy nataonao dia nandositra ny tendrombohitra, noho ny feon'ny kotrokoranao dia nirifatra izy.
- 8 Nisondrotra ny tendrombohitra, nietry ny lohasaha, ho any amin'izay namboarinao hitoerany.
- 9 Efa nasianao fetra tsy hihoarany izy mba tsy hiverina hanarona ny tany.
- 10 Mampandeha loharano ho riaka eny amin'ny lohasaha Izy; eny anelanelan'ny tendrombohitra no alehan'ireny
- 11 ka isetroan'ny bibidia rehetra sy analan'ny borikidia ny hetahetany.
- 12 Eo akaikiny no itoeran'ny voromanidina ary eo amin'ny rantsan-kazo no anenoany.
- 13 Manondraka rano ny tendrombohitra avy any amin'ny tranony ambony Izy; ny vokatry ny asanao no mahavoky ny tany.
- 14 Mampaniry ahitra ho an'ny biby fiompy sy anana ambolen'ny olona Izy ary mamoka hanina avy amin'ny tany.
- 15 Ny divay dia mampifaly ny olona ka mampampiratra ny tavany mihoatra noho ny diloilo ary ny mofo dia manohana ny ain'ny olona.
- 16 Voky ny hazon'NY TOMPO, dia ny sederan'i Libanona izay namboleny.
- 17 Eny no anaovan'ny voronkely ny akaniny ary ny vano dia eny amin'ny hazo kipreso no anaovany ny tranony.
- 18 Ny tendrombohitra avo dia ho an'ny osidia; ny harambato dia fiarovana ho an'ny hiràka.
- 19 Nanao ny volana ho famantarana ny fotoana Izy ary mahalala ny filentehany ny masoandro.
- 20 Mahatonga haizina lanao dia tonga ny alina ka mivezivezy ny biby rehetra any an'ala;
- 21 mieronana maniry remby ny liona tanora ka mitady ny haniny avy amin'Andriamanitra.

22 Miposaka ny masoandro dia miverina ireny ary ao an-davany no amitsahany.
23 Fa ny olona kosa dia mivoaka ho any amin'ny raharahany sy ny asany mandra-paharivan'ny andro.
24 Endre ny hamaroan'ny asanao, TOMPO ô! Fahendrena no nanaovanao azy rehetra; henika ny zavatra nataonao ny tany.
25 Indro ny ranomasina, sady lehibe no malalaka, any no misy zava-mihetsiketsika tsy tambo isaina, dia zavamiaina, na ny kely na ny lehibe.
26 Any no alehan'ny sambo sy ny leviatana izay noforoninao mba hilalao any.
27 Ireo rehetra ireo dia miandry Anao mba homenao ny haniny amin'ny fotoanany.
28 Manome lanao dia manangona izy; manokatra ny tananao lanao dia voky ny soa izy.
29 Manafina ny tavanao lanao dia raiki-tahotra izy; alainao indray ny ainy dia maty izy ka mody any amin'ny vovoka nanalana azy.
30 Maniraka ny Fanahinao lanao dia ary izy ary manavao ny velaran'ny tany lanao.
31 Ho mandrakizay anie ny voninahitry NY TOMPO; aoka hifaly amin'ny asany NY TOMPO.
32 Jereny ny tany dia mihorohoro; tendren'ny tanany ny tendrombohitra dia midona-tsetroka.
33 Hihira ho an'NY TOMPO aho raha mbola velona koa; hankalaza an'Andriamanitra aho raha mbola miaina.
34 Ho maminy anie ny fisainako Azy; izaho no hifaly amin'NY TOMPO.
35 Ho lany ringana tsy ho etỳ amin'ny tany ny mpanota ary tsy ho etỳ intsony ny ratsy fanahy. Misaora NY TOMPO, ry fanahiko.

PSAUME 104 (S21)

Louange au Dieu de la création

1 *Bénis l'Éternel, mon âme! Éternel, mon Dieu, tu es infiniment grand, tu es revêtu de splendeur et de magnificence.*
2 *L'Éternel s'enveloppe de lumière comme d'un manteau, il étend le ciel comme une tente.*
3 *Il construit sa demeure au-dessus de l'eau, il fait des nuages son char, il s'avance sur les ailes du vent.*
4 *Il fait des vents ses messagers, des éclairs ses serviteurs.*
5 *Il a établi la terre sur ses fondements: elle ne sera jamais ébranlée.*
6 *Tu l'avais couverte de l'océan comme d'un vêtement, l'eau recouvrait les montagnes;*
7 *elle a fui à ta menace, elle s'est sauvée au son de ton tonnerre.*
8 *Des montagnes se sont élevées, des vallées se sont abaissées, à la place que tu leur avais fixée.*
9 *Tu as posé une limite que l'eau ne doit pas franchir, afin qu'elle ne revienne plus couvrir la terre.*
10 *Il conduit les sources vers des torrents qui parcourent les montagnes.*
11 *Tous les animaux sauvages y boivent, les ânes y étanchent leur soif.*
12 *Les oiseaux du ciel nichent sur leurs rives et chantent dans les feuillages.*
13 *Du haut de sa demeure, Dieu arrose les montagnes. La terre est rassasiée du fruit de ton travail.*
14 *Il fait pousser l'herbe pour le bétail et les plantes pour les besoins de l'homme afin que la terre produise de la nourriture:*
15 *le vin qui réjouit le cœur de l'homme et fait plus que l'huile resplendir son visage, et le pain qui fortifie le cœur de l'homme.*
16 *Ils sont bien nourris, les arbres de l'Éternel, les cèdres du Liban, qu'il a plantés.*
17 *C'est là que les oiseaux font leurs nids. La cigogne a sa demeure dans les cyprès,*
18 *les hautes montagnes sont pour les bouquetins, les rochers sont le refuge des damans.*
19 *Il a fait la lune pour marquer les temps; le soleil sait quand il doit se coucher.*
20 *Tu fais venir les ténèbres, et c'est la nuit. Tous les animaux des forêts se mettent alors en mouvement;*
21 *les lionceaux rugissent après leur proie, ils demandent leur nourriture à Dieu.*
22 *Le soleil se lève: ils se retirent et se couchent dans leurs tanières.*
23 *Quant à l'homme, il sort pour se rendre à son activité et à son travail jusqu'au soir.*
24 *Que tes œuvres sont nombreuses, Éternel! Tu les as toutes faites avec sagesse. La terre est remplie de tes biens.*
25 *Voici la mer, immense et vaste: là vivent, innombrables, des animaux, petits et grands.*
26 *Les bateaux la sillonnent, tout comme le léviathan, que tu as formé pour qu'il y joue.*
27 *Tous ces animaux espèrent en toi pour que tu leur donnes la nourriture au moment voulu.*

28 Tu la leur donnes, et ils la prennent; tu ouvres ta main, et ils sont rassasiés de biens.
29 Tu te caches, et ils sont épouvantés; tu leur retires le souffle, et ils expirent, ils retournent à la poussière.
30 Tu envoies ton souffle, et ils sont créés; tu renouvelles ainsi la surface de la terre.
31 Que la gloire de l'Éternel dure éternellement! Que l'Éternel se réjouisse de ses œuvres!
32 Il regarde la terre, et elle tremble; il touche les montagnes, et elles fument.
33 Je veux chanter en l'honneur de l'Éternel tant que je vivrai, je veux célébrer mon Dieu tant que j'existerai.
34 Que ma louange lui soit agréable! Je veux me réjouir en l'Éternel.
35 Que les pécheurs disparaissent de la terre et qu'il n'y ait plus de méchants! Bénis l'Éternel, mon âme! Louez l'Éternel!

ASAN'NY APOSTOLY 1 : 15 – 26 (MRV)

15 Tamin'izany andro izany dia nitsangana teo afovoan'ireo rahalahy i Petera; tokony ho roapolo amby zato no isan'ny olona vory teo tamin'izay ka hoy izy:
16 Ry rahalahy, tsy maintsy notanterahina ilay tenin'ny Soratra Masina izay nampilazain'ny Fanahy Masina mialoha an'i Davida, ny amin'i Jodasy izay tonga mpitarika ireo olona nisambotra an'i Jesosy;
17 izy iny dia isantsika ihany ka nahazo anjara tamin'izao fanompoana izao koa.
18 Ary izany lehilahy izany dia nahazo saha tamin'ny tambin'ny fahotany; ary potraka niankohoka izy, dia vaky ny kibony ka nipoaka sady nivaroraka avokoa ny tsinainy.
19 Ary fantatr'izay rehetra monina eto Jerosalema izany, koa ny anaran'io saha io, amin'ny fitenin-dry zareo, dia atao hoe Akeldama, izany hoe Sahan-dra.
20 Fa voasoratra ao amin'ny bokin'ny Salamo hoe: «Aoka ho lao ny fonenany ary aoka tsy hisy olona honina ao.» (Sal 69.25) ary koa: «Aoka ho lasan'olon-kafa ny anjara raharahany.» (Sal 109.8)
21 Koa amin'ireo lehilahy niaraka tamintsika mandrakariva ireo, raha nifanerasera tamintsika Jesosy Tompo, nanomboka tamin'ny batisan'i Jaona ka
22 hatramin'ny andro nampiakarana Azy niala tamintsika, dia tokony hisy iray ho namantsika mba ho vavolombelon'ny nitsanganany.
23 Ary nanokana roa lahy izy ireo, dia i Josefa, antsoina hoe Barsabasy, izay antsoina koa hoe Josto, sy i Matia.
24 Dia nivavaka izy hoe: Ianao, Tompo ô, izay mahalala ny fon'ny olona rehetra, asehoy izay nofidinao amin'izy roa lahy ireto,
25 mba hahazoany anjara amin'izao fanompoana sy ny maha apostoly izao, izay nialan'i Jodasy ho any amin'ny anjara toerany.
26 Dia nanao antsapaka ho azy izy ireo ka nianjera tamin'i Matia ny antsapaka; ary izy izany no lany ho naman'ny apostoly iraika amby folo lahy.

ASAN'NY APOSTOLY / ACTES DES APÔTRES 1 : 15 – 26

Matthias désigné à la place de Judas

15 A cette époque-là, Pierre se leva au milieu des disciples; le nombre des personnes réunies était d'environ 120. Il dit:
16 «Mes frères, il fallait que s'accomplisse l'Écriture, ce que le Saint-Esprit avait annoncé d'avance par la bouche de David au sujet de Judas, devenu le guide de ceux qui ont arrêté Jésus.
17 Il était l'un des nôtres et il avait part au même ministère.
18 Cet homme a acheté un champ avec le salaire du crime; il y est tombé en avant, s'est éventré et toutes ses entrailles sont sorties.
19 Tous les habitants de Jérusalem l'ont appris, c'est pourquoi ce champ a été appelé dans leur langue 'Hakeldama', c'est-à-dire 'le champ du sang'.
20 Or il est écrit dans le livre des Psaumes: Que sa maison devienne déserte et que personne ne l'habite! et: Qu'un autre prenne sa charge!
21 « Il faut donc choisir un homme parmi ceux qui nous ont accompagnés tout le temps où le Seigneur Jésus a vécu avec nous,
22 depuis le baptême de Jean jusqu'au jour où il a été enlevé du milieu de nous. Il nous sera associé comme témoin de sa résurrection.»
23 Ils en présentèrent deux: Joseph appelé Barsabbas, surnommé Justus, et Matthias.

24 Puis ils firent cette prière: «Seigneur, toi qui connais le cœur de tous, désigne lequel de ces deux hommes tu as choisi

25 pour prendre part à ce ministère et à cette charge d'apôtre que Judas a abandonnés pour aller à la place qui est la sienne.»

26 Ils tirèrent au sort et le sort tomba sur Matthias, qui fut associé aux onze apôtres.

I JAONA / I JEAN 4 : 11 – 16

11 Ry malala, raha izany no nitiavan'Andriamanitra antsika dia mba tokony hifankatia kosa isika.

12 Tsy mbola nisy olona nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Raha mifankatia isika dia mitoetra ato amintsika Andriamanitra ary tanteraka ato amintsika ny fitiavany.

13 Izao no ahafantarantsika fa mitoetra ao Aminy isika, ary Izy ato amintsika, dia ny nanomezany antsika ny Fanahiny.

14 Ary izahay dia efa nahita ka manambara fa ny Ray no naniraka ny Zanaka ho Mpamonjy izao tontolo izao.

15 Na iza na iza manaiky fa Zanak'Andriamanitra Jesosy dia mitoetra ao aminy Andriamanitra, ary izy kosa ao amin'Andriamanitra.

16 Ary isika dia mahalala sy mino ny fitiavan'Andriamanitra antsika.

I JAONA / I JEAN 4 : 11 – 16

11 Bien-aimés, puisque Dieu nous a tant aimés, nous devons nous aussi nous aimer les uns les autres.

12 Personne n'a jamais vu Dieu. Si nous nous aimons les uns les autres, Dieu demeure en nous et son amour est parfait en nous.

13 Nous reconnaissons que nous demeurons en lui et qu'il demeure en nous au fait qu'il nous a donné de son Esprit.

14 Et nous, nous avons vu et nous attestons que le Père a envoyé le Fils comme Sauveur du monde.

15 Celui qui déclare publiquement que Jésus est le Fils de Dieu, Dieu demeure en lui et lui en Dieu.

16 Or nous, nous avons connu l'amour que Dieu a pour nous et nous y avons cru. Dieu est amour et celui qui demeure dans l'amour demeure en Dieu, et Dieu demeure en lui.

JAONA / JEAN 17 : 11 – 19

11 Ary tsy ho eto amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa izy ireto no ho eto amin'izao tontolo izao, ary Izaho mankany Aminao. Ray masina ô, tehirizo ireo amin'ny anaranao izay nomenao Ahy mba ho iray ihany izy, tahaka ny maha iray Antsika.

12 Raha mbola teo aminy Aho dia nitahiry azy tamin'ny anaranao izay nomenao Ahy; ary notandremako izy ka tsy misy very, afa-tsy ilay zanaky ny fahaverezana ihany mba hahatanteraka ny Soratra Masina.

13 Fa ankehitriny mankany Aminao Aho; ary izany teny izany no lazaiko eto amin'izao tontolo izao mba hananany ny fifaliako tanteraka ao aminy.

14 Efa nomeko azy ny teninao; ary halan'izao tontolo izao izy satria tsy avy amin'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy avy amin'izao tontolo izao.

15 Izaho tsy mangataka Aminao mba hampiala azy amin'izao tontolo izao fa ny mba hiaro azy amin'ilay ratsy.

16 Tsy avy amin'izao tontolo izao izy, tahaka Ahy tsy avy amin'izao tontolo izao.

17 Manamasina azy amin'ny fahamarinana, ny teninao no fahamarinana.

18 Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao no mba nanirahako azy kosa ho amin'izao tontolo izao.

19 Ary ho an'ireto no anamasinako ny tenako mba hanamasinan'ny fahamarinanao azy.

JAONA / JEAN 17 : 11 – 19

11 Désormais je ne suis plus dans le monde, mais eux, ils sont dans le monde, tandis que je vais vers toi. Père saint, garde-les en ton nom, ce nom que tu m'as donné, afin qu'ils soient un comme nous.

12 Lorsque j'étais avec eux [dans le monde], je les gardais en ton nom. J'ai protégé ceux que tu m'as donnés et aucun d'eux ne s'est perdu, à part le fils de perdition afin que l'Écriture soit accomplie.

13 Maintenant je vais vers toi et je dis ces paroles dans le monde afin qu'ils aient en eux ma joie, une joie complète.

14 Je leur ai donné ta parole et le monde les a détestés parce qu'ils ne sont pas du monde, tout comme moi, je ne suis pas du monde.

15 Je ne te demande pas de les retirer du monde, mais de les préserver du mal.

16 Ils ne sont pas du monde, tout comme moi, je ne suis pas du monde.

17 Consacre-les par ta vérité! Ta parole est la vérité.

18 Tout comme tu m'as envoyé dans le monde, je les ai moi aussi envoyés dans le monde,

19 et je me consacre moi-même pour eux afin qu'eux aussi soient consacrés par la vérité.